TILY ETO MADAGASIKARA

# TALENTA IRAISAM-PIRENENA




© UNICEF/UNI555511/Andriantsoarana

# TALENTA IRAISAM-PIRENENA

## EARTH TRIBE

Go Solar

Plastic Tide turners

Panda badge

## YUNGA

Ady amin'ny tsifanjariantsakafo

Fiatrehana loza voajanahary

## MESSENGERS OF PEACE

Dialogue for peace

Patrimonito

# HANOMANA TANORA HIATRIKA NY 100 TAONA HO AVY ISIKA

Mitombo hatrany ny sehatra hahafahan'ny beazintsika mampivelatra sy mitrandraka ny talentany eto anivon'ny Tily Eto Madagasikara. Efa manana ireo talenta ao anatin'ny Boky Torolalana isan-tsampana isika nahafahantsika nanabe sy nanefy ny tanorantsika namakivaky izay zato taona lasa izay. Ankehitriny dia misy ireto Talenta iraisam-pirenena ireto iombonantsika eo anivon'ny Skotisma zazalahy maneran-tany (OMMS) sy ny Skoto zazavavy maneran-tany (AMGE). Sady sehatra fibeazan-tena ireto hiatrehany ny tontolo miandry azy amin'ny zato taona ho avy, no sehatra ahafahany mandray anjara mivantana ho fanatrarana ireo Tanjon'ny Fandrosoana Lovainjafy (ODD).

Manana adidy ise Mpiandraikitra hanampy ny beazin'ise, hitrandraka, hisehatra lalindalina kokoa mba hahafahan'izy ireo maharaka ny fivoatrin'ny tontolo manodidina azy ary indrindra ho fivoaran'ny tenany. Atolotra an'ise Mpiandrikitra ary ity Boky ity hanoro lalana an'ise amin'ireo fepetra takiana ahazoan'ny Beazina ireo talenta ireo. Tenim-pirenena mifangaro izy ity fa inoana fa tsy ho sakana amin'ny fampiharana azy akory.

Ampiharo fa fanabezana skoto tily ireo izay hitondra ny beazin'ise ho tonga olompirenena vanona, ho andrin'ny fianakaviana ary indrindra ho vavolombelon'i Jesoa Kristy satria « Ny Beazina no Tsangambato ».

**Jaona RAKOTOARISOA**
**Filohan'ny Departemanta Fanabeazana**
**Tily eto Madagasikara**
**(2021-2024)**

# MIHOATRA LAVITRA NY RANOMASINA NY VALAM-PARIHINTSIKA

Roanjato taona lasa izay no nanambaran'ny mpanjaka Andrianampoinimerina ilay fehezanteny mampalaza azy, raha mbola nofy sy vinavina ho azy ny hanitatra ny fanjakany tsy hijanona fotsiny ao Imerina fa hivelatra hatrany amin'ny sisin-dranomasina tsy hay ho dinganina.
Tsy Tily nefa Andrianampoinimerina.

Manana sehatra isika ankehitriny ahafahantsika mbola manokatra sehatra be be kokoa ho an'ny tanorantsika. Hanampy ireo seha-pibeazana efa misy, sady ahafahantsika manolotra seha-pibeazana mamaly ny filàn'ny fiarahamonina ankehitriny, mamaly ny filàn'ny firenena, fa indrindra hivelaran'ireo beazintsika ho tena olompirenena mandray andraikitra eo amin'ny fiarahamonina misy azy, na ao an-tokantrano, na eto amin'ny Firenena eny hatrany ivelany mihoatra lavitra ny ranomasina aza.

Ny famaritana ny filàna eto dia tsy tombatombana fotsiny amin'izay mety takatry ny sain'olon-tokana, fa ankoatra ireo loharanom-pahalalana mahazatra antsika tily dia niainga tamin'ny fitrandrahana ireo asa fikarohana sy tahirin-kevitra avy amin'ny sehatra maro namaritra ireo lafin-javatra tokony hanomanana sy mety ho hatrehan'ireo ho olompirenena rahatrizay.

**Sitraka ANDRINIVO**
**Commissaire International**
**Tily eto Madagasikara**

# TENY FANOLORANA

Marika hanaovantsika eny amin'ny fanamiana efa hatram'izay ny marika Africa Scouts sy ny Fleur de Lys, izay manamarika fa mpikambana ao amin'ny fianakaviamben'ny skoto manerantany (OMMS) sy ny Faritra Afrika isika. Indro ary sehatra iray fanararaotra ho antsika hampiharana izany ho an'ny beazina antom-pisiantsika.

Noventesintsika hatrany fa miombona amin'ny Vinan'ny Skotisma maneran-tany : hanorina tontolo tsaratsara kokoa isika. Ny fanorenana izany tontolo tsara kokoa izany dia mitaky fandraisan'andraikitry ny skoto manerana izao tontolo izao, ka anisan'izany isika eto Madagasikara. Ndao ary tena hiasa hampihatra an'izany, amin'ny alalan'ireo beazina antom-pisiantsika.

Foin-janahary ho nosy i Madagasikara, ary manan-karena maro izay tsy hita raha tsy eto amin'ity ity nosy malalantsika ity. Ny fampitrandrahana ireo talenta iraisam-pirenena ireo ho an'ireo ankizy sy tanora malagasy dia sady manampy an'i Madagasikara hiaro sy hampiasa ireo harena izay nomen'Andriamanitra azy no manampy antsika handray anjara amin'ny fanorenanana izao tontolo izao ho tsara kokoa miaraka amin'ireo rahalahy sy anabavintsika mpikambana ao amin'ny OMMS.
Ireo tanora beazina ireo no antom-pisiantsika.

**Toky RAHAINGO (TANTANA Mikolo)**
**Filoha Foibe**
**Tily eto Madagasikara**
**(2021-2024)**

# EARTH TRIBE

Ny Earth Tribe dia seha-pibeazana natao hampivelatra ny tanora amin'ny toetsaina sy fahaiza-manao ho afaka hitondra sy hitarika fiovana eo amin'ny tontolo iainana.

Mandray anjara amin'ny fivoaran-tenan'ny tsirairay ny vondron-talenta Earth Tribe, ahafahany mahazo fahaiza-manao entiny miatrika ny fiainany amin'ny fomba mampihatra ny fandrosoana maharitra : fahazarana sy fomba fiaina andavanandro mitsinjo ny tontolo iainana, fahalalana hahaizany ny fifamatoran'ny fikolokoloana ny zava-boahary sy ny fiainan'ny olombelona, ary mamboly toe-tsaina ho afaka hisafidy fomba fiaina tsy mamotika ny tontolo iainana, sy hanarina ny fiparitahan'ny fako manimba azy.

Go Solar

Plastic Tide turners

Panda badge

# SCOUTS GO SOLAR

Vondron-talenta :

earthtribe®

Mandray anjara amin'ny

7 ANGOVO MADIO SY MORAVIDY

13 FEPETRA MIKASIKA NY FIOVAN'NY TOETRANDRO

## IREO MILA TRANDRAHINA

1. Fahalalana momba ny masoandro, ny asany, ny tanjany sy ny afaka hitrandrahana azy
2. Fahalalana ny fiantraikan'ny masoandro (tsara sy ratsy) amin'ny fahasalamana sy amin'ny tontolo iainana
3. Fahalalana ireo ODD 7 sy 13 sy ny fifandraisany amin'ny fiainana andavanandro
4. Fahaizana mampiasa ny angovo avy amin'ny herin'ny masoandro
5. Fahafahana mampihatra ireo fahaiza-manao momba ny masoandro amin'ny fiainana andavanandro sy anaty asa firotsahana.

## SAMPANA MAVO

- Mahalala ny momba ny masoandro, ny toetoetrany sy ny fiasany (système solaire, ...)
- Mahalala ny asan'ny masoandro amin'ny fahasalamana sy ny tokony atao mifanaraka amin'izay (Vitamine D, coups de soleil, ...)
- Mahafantatra ireo karazana fitaovana mandeha amin'ny herin'ny angovo azo havaozina (masoandro, rivotra, ...)
- Mahay mampiasa SODIS hanadiovana ny rano ampiasainy ao amin'ny andiany na ao an-tokantrano

## SAMPANA MAITSO

Mahafeno ireo fepetra takiana amin'ny sampana mavo, miampy ireto manaraka ireto :

- Afaka manazava fahalalana tsotsotra momba ny masoandro amin'ny mpiray sokajy aminy (tonon-taona, éclipses, effets de serre, ...)
- Mamorona lalao na kilalao iray mampiasa ny herin'ny masoandro
- Mamantatra ny teknolojia momba ny angovo avy amin'ny masoandro sy afaka manazava ny fomba fiasany
- Mampiasa fitaovana mandeha amin'ny angovo avy amin'ny masoandro (fatana, lafaoro, ...)

## SAMPANA MENA

**Ambaratonga** : Mpiatrika

Mahafeno ireo fepetra takiana amin'ny sampana mavo sy maitso, miampy ireto manaraka ireto :

- Nitrandraka fahaiza-manao momba ny fampiasana ny herin'ny masoandro sy nampihatra izany anaty tetikasa iray.
- Afaka manazava ny antony sy fiantraikan'ny fikorontanan'ny toetrandro amin'ny fiainana andavanandron'ny olona
- Mahalala ny lafy tsara sy lafy ratsin'ny karazana angovo sy manampy ny hafa hisafidy angovo madio mifanaraka amin'ny filàna.

# Dingana fanolorana marika Go Solar hoan'ny Menafify

## 01 Dingana voalohany

- Mahafantatra sy mahay manazava ireo Tanjon'ny Fandrosoana Lovainjafy 7,13
- Mandalina momba ireo angovo azo havaozina fa indrindra ny herin'ny masoandro sy ny fifamatoran'ny angovo avy amin'ny masoandro sy ny toetr'andro ary ny tontolo iainana;
- Mamorona tetikasa mametraka angovo avy amin'ny masoandro hampiasain'ny fiarahamonina na orinasa na fiarahamonina iray.

## 02 Dingana faharoa

- Mandrafitra boky milaza ny antsipirihan'ny hetsika na tetikasa natao;
- Ireto avy no tokony ho hita anatin'ilay boky*: famaritana ilay talenta sy tetikasa, ny tantarany sy ireo fiantraikany eo amin'ny fiarahamonina ary ireo lafiny teknika tsara ho fantatra.

## 03 Dingana fahatelo

- Manolotra am-pahibemaso ny tetikasa na hetsika natao sy ny fiantraikany eo anivon'ny fiarahamonina miaraka amin'ny zokiolona sy filoha ary ireo olona heverina fa manana andraikitra manokana amin'ilay sehatra irotsahana. Asongadina manokana ao anatin'ilay fanolorana ny fiantraikany ara-piarahamonina sy ny fanovàna entiny manoloana ny fiarahamonina indrindra ny tontolon'ny angovo.

## 04 Dingana fahaefatra

- Fanolorana ny marika "Go Solar"

# PLASTIC TIDE TURNERS

Vondron-talenta :

earthtribe

Mandray anjara amin'ny

6 RANO MADIO, FIDIOVANA, SY FANADIOVANA

12 FANJIFANA SY FAMOKARANA VOALANJALANJA

14 VOAHARY AN-DRANO

15 VOAHARY AN-TANETY

## IREO MILA TRANDRAHINA

1. Fahalalana momba ny lalan'ny plastika sy ny fifandraisany amin'ny tontolo iainana (fomba famokarana azy, ny akora, ny faharetany ao amin'ny tany, ...)
2. Fahalalana ireo ODD 6 sy 12 sy ny fifandraisany amin'ny fiainana andavanandro
3. Fahaizana manodina ny akora plastika <u>efa niasa</u> ho azo ampiasaina indray.
4. Mampihatra andavanandro fomba fiaina mampihena ny fampiasana plastika ary manentana ny manodidina azy amin'izany

## SAMPANA MAVO

- Mahalala ny fomba famokarana fitaovana plastika sy ny faharetan'ny fako plastika
- Afaka manazava tsotsotra ny fiantraikan'ny fahasimban'ny tontolo iainana sy ny fahasalamana.
- Mahavita asa tanana vita amin'ny fitaovana plastika efa niasa

## SAMPANA MAITSO

Mahafeno ireo fepetra takiana amin'ny sampana mavo, miampy ireto manaraka ireto :

- Afaka manazava fahalalana tsotsotra momba ny plastika
- Mamorona lalao na kilalao na fanentanana na hira momba ny fampihenana fako plastika
- Manentana momba ny fomba fanodinana sy/na fampihenana ny fako plastika.
- Manao fampiharana ho an'ny sokajy na ny tokantranony

## SAMPANA MENA

**Ambaratonga** : Mpiatrika

Mahafeno ireo fepetra takiana amin'ny sampana mavo sy maitso, miampy ireto manaraka ireto :

- Nitrandraka fahaiza-manao momba ny fampihenana sy/na fanodinana fako plastika sy nampihatra izany anaty tetikasa iray.
- Afaka manazava ny antony sy fiantraikan'ny fiparitahan'ny fako plastika amin'ny fiainana andavanandron'ny olona
- Nahavita tetikasa mampihatra ny fomba fampihenana sy/na fanodinana fako plastika ho an'ny fileovana na ny manodidina azy.

# Dingana fanolorana marika PPTC hoan'ny Menafify



## 01 Dingana voalohany

- Mandray anjara amin'ny hetsika na fandaharam-panabeazana miompana amin'ny fanodinana plastika;
- Liana sy maneho fahavononana manokana mahakasika ny tontolon'ny plastika;
- Mampiseho ny fahaiza-manaony manokana hanodinana ny plastika mba ho azo hampiasaina indray sy hiarovana ny tontolo iainana.

## 02 Dingana faharoa

- Mandrafitra boky milaza ny antsipirihan'ny hetsika na tetikasa natao;
- Ireto avy no tokony ho hita anatin'ilay boky*: famaritana ilay talenta sy tetikasa, ny tantarany sy ireo fiantraikany eo amin'ny fiarahamonina

## 03 Dingana fahatelo

- Manolotra am-pahibemaso ny tetikasa na hetsika natao sy ny fiantraikany eo anivon'ny fiarahamonina miaraka amin'ny zokiolona sy filoha ary ireo olona heverina fa manana andraikitra manokana amin'ilay sehatra irotsahana. Asongadina manokana ao anatin'ilay fanolorana ny fiantraikany ara-piarahamonina sy ny fanovàna entiny.

## 04 Dingana fahaefatra

- Fanolorana ny marika PPTC

# PANDA BADGE

Vondron-talenta :

earthtribe

Mandray anjara amin'ny

2 FOANA NY HANOANANA

11 TANANDEHIBE SY FOKONOLONA LOVAINJAFY

12 FANJIFANA SY FAMOKARANA VOALANJALANJA

13 FEPETRA MIKASIKA NY FIOVAN'NY TOETRANDRO

14 VOAHARY AN-DRANO

15 VOAHARY AN-TANETY

## IREO MILA TRANDRAHINA

1. Mahafantatra ny anjara toeran'ny olombelona sy ny fifandraisany amin'ny zavaboary ary ny andraikiny eo anivon'ny zava-manan'aina rehetra
2. Fahalalana ireo ODD 2, 11, 12, 13, 14, 15 sy ny fifandraisany amin'ny fiainana andavanandro
3. Mampihatra andavanandro fomba fiaina mampihena ny fampiasana plastika ary manentana ny manodidina azy amin'izany

## SAMPANA MAVO

- Afaka manazava tsotsotra ny fiantraikan'ny fahasimban'ny tontolo iainana sy ny fiainan'ny olombelona.
- Manana firaketana momba ny zava-manan'aina vitsivitsy, ny fomba fiainany sy ny ambana amin'ny fiainany.
- Mahay mampihatra fomba fiaina mitsinjo ny tontolo iainana amin"ny andavanandro (mitsitsy rano, tsy manapatapaka zava-maniry, tsy mamono biby amin'ny tsy misy antony, ...)

## SAMPANA MAITSO

Mahafeno ireo fepetra takiana amin'ny sampana mavo, miampy ireto manaraka ireto :

- Mamorona lalao na kilalao na fanentanana na hira momba ny fiarovana ny zava-manan'aina
- Mandray anjara mivantana amin'ireo hetsika fanentanana eo amin'ny fiarahamonina
- Mamorona tetik'asa kely fiarovana ny zava-manan'aina ho tanterahan'ny sokajy na ny antoko

## SAMPANA MENA

**Ambaratonga** : Mpiatrika

Mahafeno ireo fepetra takiana amin'ny sampana mavo sy maitso, miampy ireto manaraka ireto :

- Nitrandraka fahaiza-manao momba ny fiarovana zava-manan'aina na famokarana/fanjifana mitsinjo ny tontolo iainana sy nampihatra izany anaty tetikasa iray.
- Afaka manazava ny antony sy fiantraikan'ny fiparitahan'ny fako plastika amin'ny fiainana andavanandron'ny olona

# Dingana fanolorana marika Panda Badge hoan'ny Menafify

## 01 Dingana voalohany

- Mahafantatra sy mahay manazava ireo Tanjon'ny Fandrosoana Lovainjafy 2,11,12,13,14,15;
- Mahafantatra sy afaka manazava momba ireo sampandraharaha misehatra amin'ny fiarovana ny zava-manan'aina eto Madagasikara sy maneran-tany;
- Mamorona tetikasa ho fiarovana ny zava-manan'aina ho tanterahan'ny fokonolona na fileovana.

## 02 Dingana faharoa

- Mandrafitra boky milaza ny antsipirihan'ny hetsika na tetikasa natao;
- Ireto avy no tokony ho hita anatin'ilay boky*: famaritana ilay talenta sy tetikasa, ny tantarany sy ireo fiantraikany eo amin'ny fiarahamonina.

## 03 Dingana fahatelo

- Manolotra am-pahibemaso ny tetikasa na hetsika natao sy ny fiantraikany eo anivon'ny fiarahamonina miaraka amin'ny zokiolona sy filoha ary ireo olona heverina fa manana andraikitra manokana amin'ilay sehatra irotsahana. Asongadina manokana ao anatin'ilay fanolorana ny fiantraikany ara-piarahamonina sy ny fanovàna entiny manoloana ny zava-manan'aina sy ny tontolony.

## 04 Dingana fahaefatra

- Fanolorana ny marika "Panda Badge"

# YUNGA

Ny vondron-talenta YUNGA dia talenta iraisam-pirenena maromaro, novolavolain'ny skoto zazalahy manerantany (OMMS), ny skoto zazavavy manerantany (AMGE) sy ny Firenena Mikambana ary firaisa-monim-pirenena maromaro hafa.

Ireo talenta ireo dia novolavolaina ahafahan'ny tanora manana fahalalana mafonja sy mandray andraikitra mivantana amin'izay lohahevi-panabeazana mahakasika azy sy ny tontolony.

# ADY AMIN'NY TSIFANJARIANTSAKAFO

**Vondron-talenta :**

Isan'ny firenena misedra olana indrindra manoloana ny tsifanjariantsakafo i Madagasikara nefa dia firenena mamokatra. Raha ny antontanisa dia zaza iray amin'ny roa ( 47% ) no tratran'ny tsifanjariantsakafo mitarazoka. 26% amin'ny tanora anelanelan'ny 15 hatramin'ny 19 taona, izany hoe 1 amin'ny 4 no tsy ampy lanja (emaciation).

Ankoatra ny antony hafa ara-toekarena dia isan'ny mila hamafisina ho fanarenana ireo olana laharam-pahamehana eto amin'ny firenena ireo ny fanabeazana ara-tsakafo, izany hoe ny fahaizana mampiasa ireo vokatry ny tany ao an-toerana, sy ny fizarana hanao sakafo voalanjalanja sy ara-pahasalamana miainga amin'izay vokatra misy.

**Mandray anjara amin'ny**

2 FOANA NY HANOANANA

3 FISITRAHANA FAHASALAMANA

12 FANJIFANA SY FAMOKARANA VOALANJALANJA

## SAMPANA MAVO

- Mahafantatra ny sokajin-tsakafo 10
- Mahafantatra ny atao hoe sakafo ara-pahasalamana
- Mahay mikarakara sakafo ara-pahasalamana
- Mahalala ny otrik'aina entin'ny sakafo haniny
- Mahafantatra ny antony hihinana sakafo ara-pahasalamana
- Afaka manentana ny manodidina (ray aman-dreny, iray tampo, mpiara-mianatra) hanao sakafo ara-pahasalamana

## SAMPANA MAITSO

- Mahafantatra ny atao hoe tsifanjariantsakafo
- Mahafantatra ny voka-dratsy telon'ny tsifanjariantsakafo
- Mahafantatra ny sokajin-tsakafo folo sy ny otrikaina entiny
- Mahafantatra ireo sokajin-tsakafo telo ilain'ny vatana (glucide, lipide, protéine)
- Mahay mandajalanja ireo sokajin-tsakafo ary mahavita mikarakara sakafo ara-pahasalamana
- Mahafantatra ny maha-zava-dehibe ny fihinanana sakafo ara-pahasalamana

## SAMPANA MENA

**Ambaratonga** : Mpihary

- Afaka mifampitohy amin'ny talenta « Fambolena/ Fiompiana/ Fanjonoana/Fihazana/Fandrahoana »
- Manatanteraka asa firotsahana miompana amin'ny ady amin'ny: Fanentanana fiarahamonina hanao sakafo ara-pahasalamana, sy/na Fanabeazana ara-tsakafo araka izay vokatra ao an-toerana, sy/na famokarana sakafo madio sy ara-pahasalamana, sns...

## SAMPANA MENAFIFY

Mahafeno ireo fepetra takiana amin'ny sampana mavo, maitso, mena miampy ireto manaraka ireto :

- Manatanteraka tetikasa fihariana miompana amin'ny sakafo ara-pahasalamana
- Mandrafitra boky milaza ny antsipirihan'ny hetsika na tetikasa natao;
- Manolotra ampahibemaso ny vokatry ny tetikasany

# FIATREHANA LOZA VOAJANAHARY

Rivodoza, tondradrano, doro tanety, haintany, fikaohanofontany, andiam-balala, valanaretina (tazomoka, pesta, COVID-19, ...),

Raha ireo tahirin-kevitra sy vakoka dia efa hatramin'ny taona 1959 no efa nirotsaka sy nisongadina tamin'ny firotsahana eny amin'ny fiarahamonina ny Tily eto Madagasikara. Nitohy hatrany izany ary hatramin'izao dia lohalaharana isika rehefa misy ny voina manambana na mihatra amin'ny mpiara-belona. Nandritra izay fotoana rehetra izay nefa dia mbola tsy nisy ny mari-talenta sahaza izany hahafahana mamporisika be be kokoa ireo tilintsika ho tsara fiomanana kokoa sy ho tena hanana ny fahaiza-manao hiarovana ny ainy sy ny ain'ny hafa rehefa mirotsaka amin'ireny fotoana fiatrehana loza voajanahary ireny.

Mamaly izany filàna goavana eto amin'ny firenena, sy ho an'ny fivoaran-tenan'ny tsirairay izany ity mari-talenta ity, ary tombony indrindra ny efa nisiany amin'ny sehatra iraisam-pirenena fa tsy nila namorona mari-talenta vaovao.

**Vondron-talenta :**

**Mandray anjara amin'ny**

- 3 FISITRAHANA FAHASALAMANA
- 6 RANO MADIO, FIDIOVANA, SY FANADIOVANA
- 13 FEPETRA MIKASIKA NY FIOVAN'NY TOETRANDRO

## SAMPANA MAVO

- Mahalala ireo karazana loza voajanahary mety miseho eo amin'ny faritra honenany.
- Mahalala fisorohana fototra amin'ireo valan'aretina mpiseho eo amin'ny faritra misy azy.
- Mahay sy mampihatra ireo fepetra fiomanana ao an-tokantrano raha sanatria misy voina (mahalala ireo laharana vonjy voina, manana "trousse de secours" tsy tantera-drano, manana paika fivoahana raha misy loza, ...)

## SAMPANA MAITSO

Mahafeno ireo fepetra takiana amin'ny sampana mavo, miampy ireto manaraka ireto :

- Mahalala sy manentana momba ny fiomanana sy fiatrehana rivo-doza (dikan'ny saina miloko, ny atao mialoha-mandritra-aoriana, ...)
- Mahalala sy manentana momba ny fiatrehana loza voajanahary iray hafa mpahazo ny faritra (oh: tondradrano, tazomoka, andiam-balala, ...)
- Afaka manazava ny fomba fiasan'ny vaksiny sy ny maha-zava-dehibe ny fanaovam-baksiny.

## SAMPANA MENA

**Ambaratonga :** Mpihary

Mahafeno ireo fepetra takiana amin'ny sampana mavo sy maitso

Ary nanao hetsika fiatrehana loza voajanahary na fanentanana fisorohana valanaretina iray.

Raha valanaretina dia hatreo amin'ny fanentanana (Cholera, Pesta, COVID-19,...) no andraikitra raisin'ny beazina Sampana Mena

## SAMPANA MENAFIFY

Mahafeno ireo fepetra takiana amin'ny sampana mavo, maitso, mena miampy ireto manaraka ireto :

- Mandray anjara amina hetsika fanentanana na fiatrehana loza voajanahary.
- Manatanteraka tetikasa maharitra miompana amin'ny fiatrehana loza voajanahary
- Mandrafitra boky milaza ny antsipirihan'ny hetsika na tetikasa natao;
- Manolotra ampahibemaso ny vokatry ny tetikasany

# DIALOGUE FOR PEACE

Tanjon'ity talenta ity ny manabe ny tanora ho afaka hanaja ny hafa sy hahay hifanakalo hevitra am-pirahalahiana na inona na inona fahasamihafana (ara-tsaranga, foko, ara-pivavahana, ara-politika, ...)

Vondron-talenta :

Messengers of Peace

Mandray anjara amin'ny

5 MIRALENTA

10 MIHENA NY TSY FITOVIANA

17 FIARAHAMIASA HO FANATANTERAHINA NY TANJONA

## SAMPANA MAVO

Ny Sampana mavo dia manana ny **talenta « Tia Fandriampahalemana »**
Ho an'ny beazina lovitao dia ny talenta "Tia fandriampahalemana" ihany aloha no ampiharina.

## SAMPANA MAITSO

- Tsara fifandraisana amin'ny manodidina
- Afaka manazava ireo didy folon'ny fifankahazoana (10 principes du dialogue)
- Mamorona lalao na kilalao mivoy ny fiombonana ao anatin'ny fahasamihafana
- Afaka mamantatra sy misoroka ny mety ho fototry ny disadisa ao anaty fiarahamonina iray.

## SAMPANA MENA

**Ambaratonga** : Mpiatrika
Mahafeno ireo fepetra takiana amin'ny sampana maitso, miampy ireto manaraka ireto :

- Nitrandraka fahaiza-manao momba ny fanelanelanana na ny fahaizana mifanakalo hevitra
- Mahalala sy afaka manazava ireo fahasamihafan'ny mponina ao amin'ny fireneny.
- Mahalala ireo karazana fahasamihafana misy ao amin'ny faritra manodidina azy ary manana tetika fisorohana ny mety hahatonga izany ho disadisa ao amin'ny fileovana

## SAMPANA MENAFIFY

Mahafeno ireo fepetra takiana amin'ny sampana maitso sy mena, miampy ireto manaraka ireto :

- Manatanteraka tetikasa ho fisorohana na fanarenana ny disadisa na ady, na fifampiresahana anaty fahasamihafana eo amin'ny faritra misy azy
- Mandrafitra boky milaza ny antsipirihan'ny hetsika na tetikasa natao;
- Manolotra ampahibemaso ny vokatry ny tetikasany

# PATRIMONITO

SAMPANA MENA | SAMPANA MENAFIFY

Tanjon'ity talenta iraisam-pirenena iray ity ny hanabeazana ny tanora handray anjara amin'ny fikolokoloana sy fiarovana ireo harem-bakoka misy eo amin'ny tany sy ny fireneny.

Natao hifantoka kokoa ho an'ny Sampana Mena sy Menafify ity talenta ity noho ireo fepetra manokana takiana aminy, ireo sampana zandriny kosa efa afaka mamolavola amin'ny alalan'ny talenta Tia kolontsaina (Sampana mavo), sy ireo talenta Mpanao vakodrazana, Mpikabary, Mpitana vakoka (Sampana maitso)

Mampiavaka ity talenta ity koa dia noho izy mifantoka manokana amin'ireo toerana voasokajy ho "Patrimoines Mondiales" araka izay voatanisa ao amin'ny : https://whc.unesco.org/fr/etatsparties/mg

**Vondron-talenta :**

Messengers of Peace

**Mandray anjara amin'ny**

4 FANABEAZANA TSARA KALITAO

11 TANANDEHIBE SY FOKONOLONA LOVAINJAFY

17 FIARAHAMIASA HO FANATANTERAHINA NY TANJONA

## Fepetra

1. Manangana tetikasa ho an'ny iray na maro amin'ireo toerana voasokajy ho "Patrimoines Mondiales"
2. Miara-miasa akaiky amin'ireo tompon'andraikitra ao an-toerana amin'ny fanatanterahana ny tetikasa
3. Mizara ny vokatry ny tetikasa firotsahana notanterahina

# TALENTA IRAISAM-PIRENENA

## Fanontaniana manitikitika (F.A.Q)

**Aiza no toerany amin'ny fanamiana ?**

Toy ny talenta hafa rehetra ny talenta iraisam-pirenena, eo amin'ny sandry ankavanana ambanin'ny marika "TILY MADAGASIKARA"

**Iza no afaka manolotra talenta iraisam-pirenena ?**

Mitovy amin'ny talenta hafa rehetra ny talenta iraisam-pirenena, ny mpiandraikitra no manolotra azy amin'ny beaziny ary mitovy amin'ny fomba fanolorana ny talenta hafa rehetra ao amin'ny sampana no fomba fanolorana azy, rehefa mahafeno ny fepetra. Adidin'ny mpiandraikitra araka izany ny mitrandraka sy manofan-tena tsara momba ireo talenta ireo, tohanan'ny Taripanofanana.

**Inona no mitranga rehefa fitohizan-tsampana ?**

Mitovy amin'ny talenta hafa rehetra ny talenta iraisam-pirenena, miala izy rehefa miakatra amin'ny sampana manaraka ilay beazina satria mitombo ny fepetra hahazoana ilay talenta rehefa miakatra sampana. Manana tombony kosa ny beazina efa nahazo ilay talenta tany aloha satria afaka mifantoka amin'ireo fepetra fanampiny izy sisa fa tsy mamerina. Tena ilaina sy manampy ny mpiandraikitra eto ny fiampitan'ny fisy fanaraha-maso (fiche individuelle) rehefa miakatra sampana ilay beazina.

Messengers of Peace

N.B : Ny Messengers of Peace dia tsy talenta ka noho izany, tsy voakasik'ireto voalaza manaraka ireto. fa efa manana ny momba azy manokana. Ireo talenta ao anatiny kosa (Dialogue for Peace, Patrimonito) dia manaraka ireto fandaminana ireto.

# Messengers of Peace

Ny seha-pibeazana iraisam-pirenena (programme) Messagers de la Paix (adika teny malagasy hoe Mpitondra hafatry ny fandriampahalemana), na « MoP » dia lalana iray hamporisihana ny skoto (beazina na mpanabe) hanao **asa firotsahana** be be kokoa eo amin'ny fiaraha-monina sy **hiara-hiasa amin'ny tanora hafa**, manodidina azy sy/na manerana izao tontolo izao.

Ny skoto rehetra amperinasa na beazina na mpanabe (Filoha na mpiandraikitra) resy lahatra fa hampanjaka ny fandriampahalemana eo amin'ny fiarahamonina misy azy dia afaka miroso ho isan'ny Mpitondra Hafatry ny Fandriampahalemana ary afaka mitondra ny marika mifanaraka amin'izany (MoP).

N.B : **Tsy talenta ny Messagers de la paix** fa seha-pibeazan-tena sy famporisihana hanao asa firotsahana. Fa kosa, misy talenta afaka trandrahina miaraka aminy (Dialogue for Peace, Patrimonito)

Ny Sampana mavo dia manana
ny **talenta « Tia Fandriampahalemana »**
Ho an'ny beazina lovitao dia ny talenta "Tia fandriampahalemana" ihany aloha no ampiharina.

# MARIKA

## Mpitondra hafatry ny fandrampahalemana

**Iza no manao azy ?**
Ny beazina na mpanabe nahavita hatramin'ny farany ny dingana 04
**Toerany**:
Misolo ny insigne Fleur-de-lys tsotra eo amin'ny paosy tratra ankavia, amin'ny fanamiana. Mipetaka amin'ny fanamiana amin'ny fotoana rehetra.

Ny mpanabe rehetra afaka manolotra ho an'ny beaziny / Ambassadeur MoP no manolotra ho an'ny mpanabe




## Ambassadeur MoP

**Iza no manao azy ?**
Ireo mpanabe nahavita ny dingana 04 + voafantina sy nahavita ny fiofanana manokana antsoina hoe "Peace Camp".
Manentana sy mivoy ny fandaharam-panabeazana MoP ny Ambassadeurs MoP

Ekipa MoP na Coordinateur MoP no afaka manolotra Ambassadeur MoP.




## Ekipa/Mpandrindra MoP

**Mpandrindra MoP** : Ekipa Foibe 01 isaky ny firenena
**Ekipa MoP** : ireo nahavita ny dingana 04 + niatrika sy efa nitarika « Peace Camp » na efa nitarika hetsika nasionaly MoP.
Mitarika ny fampiroboroboana ny fandaharam-panabeazana MoP no andraikitr'ireo.

Ny Foibe no manolotra ireo Ekipa MoP sy manendry ny Mpandrindra MoP.

# LOHAHEVITRA 05 AFAKA ANAOVANA ASA FIROTSAHANA

**Afaka misafidy iray amin'ireto sehatra ireto ilay skoto hanatanterahana asa firotsahana rehefa mikasa hahazo ny marika maha-Mpitondra hafatry ny fandriampahalemana izy**

### Fampihavanana
(Peacebuilding)

Asa firotsahana hahafahany :

- mamantatra sy misaina ireo hevi-draikitra sy fahadisoam-pijery mety hiteraka tsy rariny
- mitrandraka sy mampihatra fomba fandravonana disadisa am-pilaminana
- mamboly fifampitokisana sy firaisan-kina

### Kolotsaina sy vakoka
(Culture et patrimoine)

Asa firotsahana hahafahany :

- mahazo sy mahay manaiky ny mety ho fahasamihafana ara-kolotsaina sy ny fomba isan-karazany
- mahalala endrika ahafahana manome lanja sy miaro ny vakoka sy lova ara-kolotsaina ary hampihavana fiarahamonina amin'ny alalan'ny kolotsaina

### Fandraisana andraikitra maha-olompirenena

Asa firotsahana hahafahany :

- mandray anjara amin'ny fandresen-dahatra sy fandraisana andraikitra maha-olompirenena ao amin'ny manodidina azy
- mandray anjara amin'ny fanapahan-kevitra sy fitantanana ao amin'ny fiaraha-monina misy azy (fokontany, fiangonana, kaominina, faritra, firenena, ...)

### Famonjena ny mpiara-belona
(Action humanitaire)

Asa firotsahana hahafahany :

- mahazo ny momba ny fiomanana sy fiatrehana loza (voajanahary na tsia), ary ny fiarenana aorian'ny loza
- mahay ireo fomba fiomanana sy afaka mitarika ny fiatrehana izany.

### Fahasamihafana sy fampiatiana
(Diversité et inclusion)

Asa firotsahana hahafahany :

- hahay hiaina sy hanaiky ny fahasamihafana eo amin'ny olona tsirairay
- hahalala sy hijoro ho an'ny fanajana ny zon'ny tsirairay na inona na inona fahasamihafany

Messengers of Peace

# LOHARANO NANOVOZAN-KEVITRA


- Banque Mondiale. Profil de risque et de catastrophe : Maadagascar. 2016
- FAO. Disaster Risk Reduction Challenge Badge. YUNGA learning and action series. 2020
- FAO. Nutrition Challenge Badge. YUNGA learning and action series. 2017
- Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena. Bokin'ny mpianatra : fiatrehana lozaa voajanahary. 2021
- Bureau Mondial du Scoutisme. Lignes directrices du programme Messagers de la paix. 2017
- Bureau Mondial du Scoutisme. Manuels d'implémentation Earth Tribe. 2020.
- Bureau Mondial du Scoutisme. Patrimonito : Directives du programme. 2018
- Bureau Mondial du Scoutisme. Building Bridges - Guide for Dialogue Ambassadors. 2018
- UN Madagascar. Vision prospective 2030 2040 2063 de Madagascar. 2023
- UNEP. Plastic Tide Turners Challenge Toolkit. 2019
- Rabearinoro A. Presentation Scouts Go Solar et implémentation à Madagascar. 2023
- Tily eto Madagasikara. Politika Nasionaly Fanabeazana. 2019.



**Crédit photo (couverture et dos)**
**© UNICEF/UNI555511/Andriantsoarana**




Tily eto Madagasikara
@tilyscout | www.scout.mg